**TATITRA**
**ATRIK'ASA FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY IFOTONY**
**FANDRAFETANA DRAFITRASA IADIANA AMIN'NY HERISETRA**
**11-13 OKTOBRA 2011**
**Biraon'ny Kaominina Ambohimirary**
**<u>MADAGASIKARA</u>**

**Figure 1: Atelier stage 3 Ambohimirary**

**FIZAHAN-TAKILA**

**FINTINA** ............................................................... ERROR! BOOKMARK NOT DEFINED.
**ZAVA-MISY** ........................................................... ERROR! BOOKMARK NOT DEFINED.
**FIZOTRY NY ATRIK'ASA** ......................................... ERROR! BOOKMARK NOT DEFINED.
**VOKATRA AZO** ...................................................... ERROR! BOOKMARK NOT DEFINED.
**DINGANA MANARAKA** ........................................... ERROR! BOOKMARK NOT DEFINED.

**TOVANA**

- A - Programa
- B – Lisitry ny mpandray anjara
- C – Drafitrasa
- D- Tombana

.boky voazara : 20

**Fintina**

Ity atrik'asa ity dia notontosaina tao amin'ny Kaominina Ambohimirary ny 11 ka hatramin'ny 13 Oktobra 2011 tao amin'ny biraon'ny Kaominina.
Tonga nanatrika ny atrik'asa ny ben'ny tanàna, mpanolo-tsaina iray, ny adjoint au maire niaraka tamin'ny chef Fokontany sy olon-tsotra mpamboly.
Nosokafan'ny Ben'ny tanàna tamin'ny fomba ofisialy ny fiofanana. Nazavaina ireo tanjona amin'ny fiofanana avy eo :
-Fametrahana ny miralenta eo amin'ny kaominina
-Fanentanana amin'ny herisetra na VBG (Violences Basées sur le Genre)
-Fanoritana drafitrasa ampiarina eo amin'ny Kaominina.

- Le contenu du programme (Annex A)

**Fizotry ny atrik'asa**

Ny fiofanana dia niantomboka tamin'ny 10 ora maraina
Nanokatra ny fotoana ny Ben'ny Tanana ny CR Ambohimirary miaraka amin'ireo Mpampiofana roa.
-RAKOTONDRASOA François Victor (avy amin'ny AESG)
-RAKOTOMANOELINA Rivo(avy amin'ny SAHA)
**Fizotry ny fiofanana** :
-Fanazavana fohifohy ny votoatin'ny fiaraha-miasa AESG,SAHA
-Fanazavana ny "processus centre d'éxellence"

**LOHAHEVITRA I**

FIFANARAHAN'NY FAA MOMBA NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA

- Tanjona: -hampahalalana ireo fitaovana hivoizana ny miralenta isam-paritra sy amin'ny firene-tsamihafa

-hahatonga saina ny mponina fa natao ho an'ny fiainan'ny vehivavy eo an'ivon'ny fiaraha-monina sy eo amin'ny firenena ireo fitaovana ireo .

-Fandefasana CD mirakitra ny dingana sy zava-misy mahakasika indrindra ny ady nataon'ireo vehivavy afrikana tany SUDAF teo anatrehan'ireo filoham-pirenena afrikana ,nametrahan'ireo mpitolona ny ady atao amin'ny herisetra sy hisian'ny Miralenta ,avy eo famenoana ny QUIZ ho an'ireo mpandray anjara.
Rehefa natao ny tombana miaraka avy amin'ny QUIZ dia toy izao ny vokatra azo amin'ny fahalalan'ireo mpiofana mikasika ny Protocole de la SADEC :

-Ho an'ny fanontaniana voalohany dia ny 77,41 % nahalala ny valiny mariana
-Fanontaniana faharoa : nahatratra 87%
-Fahatelo : 25,8O%
-Fahaefatra :38%
-Fahadimy : 67,74%
-Fanontaniana fahaenina : 9,67% fantatra fa te hiady amin'ny herisetra io daholo ny mpiofana matoa nisafidy io valiny izay fantatra fa diso io .

Fampiasana pejy 18 ,nizarana Cartonette ny mpiofana dia samy namaly ny fanontaniana ao fampiasana voalohany : niarahana nikaroka ny valiny avy eo amin'ny alalan'ny fametrahana ireo cartonette teny amin'ny tableau.page18 :Fanalavana ny SADEC,Fahafantarana ireo fifanarahana hafa mikasika ny miralenta, nanaovan'ny firenena Malagasy Sonia : CEDAW ,OMD,BEJING 95 .
Ny taona 2008 no nanaovan'ny firenena Malagasy Sonia .
**LOHAHEVITRA II :**

HEVITRA FOTOTRA IOMPANAN'NY MIRALENTA

**Tanjona :**

**-hampahafantarana ny mpiofana ny amin'ny maha samihafa ny toetra voajanahary mampiavaka ny lahy sy vavy**

**-handalinana ireo fiheverana maro raiki-tampisaka eo amin'ny fiaraha-monina**

**-Mampiavaka ny mahalahy sy mahavavy**

**-manavaka ny lahy sy vavy ara-toetra : -voajanahary**

**: ara-piaraha-monina**

mahakasika ny hevitra fototra iompanan'ny MIRALENTA : GENRE ET SEXE :éxercice Page 22 nozaraina cartonnete ny mpiofana rehefa voazara groupe ka ny voalohany mitady : **toetra** ny faharoa : **asa** ,avy eo dia samy nametraka izany amin'ny heveriny fa maha-mety azy .

| Lahy | Vavy |
|---|---|
| Tale , saofera,miandry omby,maniry volombava<br>Masiaka , matanjaka, mekanicien ,manao miaramila ,directeur,sefo fokontany ,mpilalao baolina ,be saina, | Mampinono , miteraka ,mahandro , tonga fotoana, manjaitra,secretera,mahandro, malefaka, mora kivy , masiaka ,manadio trano |

Rehefa natao ny ady hevitra miaraka dia nisy ireo carton azo nafindra ho an'ny lahy sy vavy .

fehiny : **niavaka** ny mahalahy sy mahavavy teo amin'ny toetra izay tsy azo novana .Ny asa kosa dia samy azo ataon'ny lahy sy vavy .

Fampiasana fahatelo :

Fahasamihafana eo amin'ny toetra voajanahary mampiavaka ny lahy sy vavy

Natao tamin'ny ambalazy ka niara-nameno :

| Asa /toetra | Voajanahary | Novolen'ny fiarahamonina |
|---|---|---|
| Mampinono | X | |
| Mahandro | | X |
| Tonga fotona | X | |
| Saofera | | X |
| Vaky feo | X | |
| Mpanapa-kevitra | | X |
| Maniry volombava | X | |
| Miteraka | X | |

Fehiny : toetra voajanahary :tsy azo ovana

Toetra novolavolain'ny fiaraha-monina :azo ovana .

Nozaraina ho tarika efatra indray ny mpizaika, ka samy naka tranga roa avy .G1-nijery momba ny ohabolana sy hira :G2 sary mihetsika sy fivavahana; G3 ,kolontsaina sy fampianarana ary ny G4 nijery ny momba ny haino aman-jery sy dokambarotra. Vokatra azo **hira** : kala jeanine Niaiga ;Soa ny manandroa (rainindimby)

**Ohabolana** :naniry zaza ka tera-dahy -

**Sary na film** ; anadahy faravady

**Fivavahana** : Ianareo vehivavy maneke ny vadinareo

**dokambarotra** (gazety no nojerena :raha mampiseho hery dia sarin-lehilahy no aseho,raha varotra dia sarim-behivavy no aseho .

**kolontsaina** ; ny lehilahy no mikabary sy atao lohalaharana rehefa hiteny .

-Sakafo atoandro tokony ho tamin'ny iray ora sy sasany teo

-Nitohy ny asa avy eo ka "restitution"ny asam-baomiera no nanohizana azy.Tamin'izany dia nasaina nanao ny tombana izay sehatra mahakasika ny vehivavy sy lehilahy tamin'ny gazety TARATRA sy GAZETIKO ny mpandray anjara rehetra ka naneho hevitra mahakasika izany ary nanome ny isa ny vokatra .

| Taratra | | Gazetiko | |
|---|---|---|---|
| L | V | L | V |
| Fandriampahalemana (1)<br>Herisetra (3) | Sécurité(1) | Sécurité (1)<br>Sport (1)<br>Herisetra(2)<br>Fitiavana (1) | Herisetra (5)<br>Sport (1)<br>Accident (1)<br>Education (1)<br>Dokambarotra (2) |
| 4 | 1 | 5 | 10 |

**Fehiny** : voahavaka ny hoe : SEXE (voajanahary , tsy azo ovana
: genre : hevitra novolavolain'ny fiaraha-monina
:miralenta ;tsy manova ny voajanahary fa manala ny raikitapisaka

**LOHAHEVITRA FAHA III**

NY MIRALENTA SY FITONDRAM-PANJAKANA

**tanjona** : - fifandraisana eo amin'ny miralenta sy ny fitondram-panjakana
- fanamaroana ny vehivavy manana fahaiza-manao mba hananany lanja eo amin'ny hevitra fanapahan-kevitra.

Nozaraina ho groupe telo ny mpiofana ka ny groupe voalohany nandinika ny Fahazoana miditra ,faharoa ny hoe Fandraisana anjara, ary ny groupe fahatelo dia ny hoe Mitondra fanovana,avy eo dia samy nanome ny sakana sy vahaolana mikasika ireo lohahevitra nosahaniny ny groupe tsirairay. Marihina fa navitrika tokoa ny fanehoan-kevitra tamin'izany.

Ny manaraka dia naompana tamin'ny hevitra sy tetika ahatongavana amin'ny miralenta ny ady hevitra ka ny momba ny filana fototra andavan'andro sy filana maharitra mila paik'ady no nifantohana.Marihina fa ny fanehoan-kevitra dia maro tokoa tamin'izany.

| Fidirana (accès)sakana | Vaha olana |
|---|---|
| Tsy fahasahiana<br>Tsy ampy serasera<br>Hasarotam-piaro ny vady<br>Fahamaroan'ny ankizy<br>Fiheveran'ny vehivavy fa an'ny lehilahy ny fitondrana<br>Fahantrana | Mamonjy fihofanana<br>Fifanakalozan-kevitra ny mpivady<br>Manova toe-tsaina<br>Fidirana |
| Fandraisana anjara(participation )sakana | Vahaolana |
| Fanambaniana ny hevi-behivavy<br>Maneho evitra fa tsy manatanteraka<br>Vitsy ny mandray andraikitra<br>Sakana avy amin'ny lehilahy<br>Hevi-behivavy tsy mihoatra ny fatana | Fanomezan-danja ny vehivavy<br>Fanatanterahana izay nolazaina<br>Mampiseho famatorana<br>Fifanakalozan-kevitra ny samy mpitantana |
| Fanovana(transformation) sakana | Vahaolana |
| Complexé<br>Tsy to-teny<br>Tsy sahy maneho hevitra<br>Tsy ampy fahalalana | Mila fahasahiana<br>Firotsahana vehivavy ho maro an'isa<br>Fanomezan-danja ny vehivavy |

**LOHAHEVITRA FAHA IV**

HEVITRA SY TETIKA HATONGAVANA AMIN'NY MIRALENTA

**tanjona** : -hamantarana ny antony mahatonga ny miralenta ho tsy azo sarahina amin'ny fampandrosoana

:-hijerena akaiky ireo hevitra fototra ho enti-miroso amin'ny fanatanterahana ny miralenta sy ny fampidirana ireo foto-kevitra ireo amin'ny drafitra fampandrosoana .

Fampiasana voalohanypejy 46

1/- manome vola azy hividianany entana: ( eo no ho eo dia voavaha ny olana )
2/-manome fiofanana azy ahafahany manangana orinasa madinika (mila fotoana maharitra vao ny famahana olana )
3/-miangavy ireo namana mba hanampy (mety ho voavaha eon y olana mahazo)
4/-manoro hevitra azy ny amin'ny toerana mety hahazoany mindram-bola(mila fotoana maharitraritra ny vahaolana )
**famaritana**: ny 1 sy 3 dia manome vahaolana eo no ho eo (besoin pratique)
Ny 2 sy 4 dia mila fotoana maharitra (besoin strategique)
Asa manaraka dia famakian'ny olona sasantsasany ny famaritana eo amin'ny pejy :47

**LOHAHEVITRA FAHA DIMY**

HO MPITARIKA MAHOMBY MITONDRA FANOVANA

**tanjona: -Fandinihana ny toetra tokony hananan'ny mpitarika mahomby**
**:-fandinihana ny hevitry ny hoe fitarihina mitondra fanovana**
**:-hatsapan'ny mpivory fa manana fahefana izy ary hainy mapiasa izany**
**:- fahaizan'ny mpivory manavaka tsar any hoe mpitarika sy mpitantana**

Notarihina tamin'ny ohatra vitsivitsy mahakasika ny hoe mpitarika sy mpitantana ireo mpiofana ary avy eo dia nasaina namoaka ireo toetra mampiavaka azy ireo .

Nozaraina ny cartonette rehefa vozara groupe efatra ny mpiofana ka nasaina nametraka ny toetra tokony hananan'ny mpitarika sy mpitantana

| Mpitarika | | Mpitantana | |
|---|---|---|---|
| lahy | Vavy | lahy | Vavy |
| Mahatanty tsikera<br>Fahaiza-manao<br>Mahay mihaino<br>Mankasitraka<br>Tia karokaroka | Tsy mora kivy<br>Mahay mihaino<br>Mahay mifandray amin'olona<br>Tsaratarehy<br>Mahay manaja tena<br>Mahay mikabary | Fahamarinana<br>Matotra<br>Pnctuel<br>Mahay manasazy<br>delegation | Hentitra<br>competance |

Anjaran'ny tsirairay no mamantatra ny toerana misy azy hoe : aiza ianao no mpitantana – aiza ianao no mpitarika
**Famaritana**:Inona no mahasamihafa ny mpitantana sy ny mpitarika?
Mpitantana : leader(tsy voatery hanana fahaizana,mety ho voajanahary)
Mpitantana: gestionnaire (mila fahaizana , competence technique)
-Niroso tamin'ny famintinana ireo hevi-dehibe nisongadina, ary avy eo namariparitra ireo izay atao rahampitso no namarana ny fotoana.

FITANANA AN-TSORATRA NY FIZOTRY NY FIOFANANA MAHAKASIKA NY MIRALENTA SY NY ADY AMIN'NY HERISETRA MAHAZO NY VEHIVAVY : VBG ARY FAMOLAVOLANA DRAFITR'ASA MAHAKASIKA IZANY EO AN'IVON'NY KAOMININA.

- Andro Faharoa, 12/10/2011: Ny fiofanana dia niantomboka tamin'ny 08 ora sy sasany maraina
  - Niompana avy hatrany tamin'ny lohahevitra fahafito ny fiofanana dia ny fanaovana Drafitrasa hampiroboroboana ifotony ny miralenta. Ka ny famakiana ny fifanarahanan'ny Faritra atsimo ny afrika momba ny miralenta sy ny fampandrosoana ary ady amin'ny herisetra no natao.Avy eo dia nanao ny famoaboasana ireo hevi-dehibe momba ny herisetra ao amin'ny Fifanarahan'ny FAA ; niady hevitra tamin'ireo fanontaniana telo farany natao amin'ny fampiasana faha-dimy . rehefa afapo tamin'ny fanehoan-kevitra ny mpandray anjara dia nasaina namaky misesy tanjona lehibe hiadiana amin'ny herisetra tao amin'ny pejy faha 95.

**Tanjona :**

**-fanatsarana ny drafitrasan'ny kaomininamametraka ifotony ny miralenta**

**-famolavolana drafitrasan'ny kaominina manome vahana ny ady amin'ny herisetra**

**-fanamafisana ny fahaiza-manao sy ny fahalalana momba ny paikan-tserasera**

- Rehefa masaka tamin'ny mpiofana tsara izany hoe ady amin'ny herisetra dia niroso amin'izay tamin'ny famolavolana ny Plan d'action Ka natao miadana mihitsy ny fanazavana ny andinindininy mba ho voarain'ny mpiofana ny tiana ho rafetina.
- Nozaraina ho vaomera telo ireo mpiofana ka ny voalohany G1: Chap I (P1 à P6);Chap II (P6 à P8) et une partie du chap III(P8 à P12)/G2 Une partie du Chap III (P12 à P 21) et le Chap (P 21 à P28)/G3 Chap V(P28 à P40).
- Sakafo antoandro
- Rehefa nozaraina tarika arak'izay mety ny mpiofana dia nasaina naneho sy nameno ny faritr'asa mifandraika amin'izay drafitr'asa hampiroboroboana ny miralenta.Nentanina izy ireo mba hamoaka izay faritr'asa hifanandrify tsara amin'ny Kaominina.
- FITANANA AN-TSORATRA NY FIZOTRY NY FIOFANANA MAHAKASIKA NY MIRALENTA SY NY ADY AMIN'NY HERISETRA MAHAZO NY VEHIVAVY : VBG ARY FAMOLAVOLANA DRAFITR'ASA MAHAKASIKA IZANY EO AN'IVON'NY KAOMIINA

- Andro Fahatelo, 1 3/10/2011: Ny fiofanana dia niantomboka tamin'ny 08 ora sy sasany maraina

- Nitohy ny famolavolana ny plan d'action. Notarihina miandalana hatrany hatrany ireo vaomiera telo mba tsy hivoana amin'ny zavatra handrasana ny zavatra ataon' izy ireo.
- Sakafo atoandro
-Nanao ny « **Restitution travaux de groupe** » miisa telo
- Avy eo dia nameno ny fiche d'enregistrement « GMDC Fiche enregistrement »
sy ny « fiche d'evaluation ».
-Nofaranana tamin'ny fisaoarana ireo rehetra izay nanatontosa ny atrik'asa ny fotoana ary nampatsiahivina ireo dingana manaraka .

**VOKATRA AZO**

- Resy lahatra ny mpiofana fa raharaha sarotra ny ady atao amin'ny herisetra ary hahatongavana amin'ny miralenta.
- Voarafitra ny drafitrasa izay niarahana tamin'ny Ben'ny tanàna, izay nanaiky ny hampiatra aorian'ny fandreseny lahatra ireo filan-kevitra kominaly
- Natsangana ho komitin'ny miralenta ireo mpiofana resy lahatra.
- Maniry ny dingana manaraka ny mpivory mba hahalasa "Centre d'Excellence" ny kaominina.

**DINGANA MANARAKA**

Hita fa tena liana ny mpiofana ary nahatsapa fa tsy ampy ny fotoana ka mangataka ny hitohizan'ny fiofanana amin'ny fotoana manaraka.

Teo no ho eo dia samy nangataka ireo sefom-pokontany tafiditra ao amin'ny Komity ny hidinana isam-pokontany amin'ny fanentanana ny olona mikasika ny lohahevitra. Fokontany telo no azo notanterahana dia Manakana Vohitraivo natao tamin'ny 8 ora maraina, Maherirano, tamin'ny 12 ora atoandro ary Ambohimirary tamin'ny 5 ora hariva ny 14 oktobra 2011.

***Annex A:* ATRIK'ASA MOMBA NY FAMETRAHANA DRAFITR'ASA MOMBA NY MIRALENTA SY NY ADY AMIN'NY HERISETRA**

**Firenena: Madagasikara**

**kaominina: Ambohimirary**

**Toerana: Ambohimirary**

**Daty: 11-13 Oktobra 2011**

| **Ora** | **Fandaharana** | **Iza(Tompon'andraikitra)** |
|---|---|---|
| | **Andro voalohany** | |
| 08h-8h 30 | Fandraisana | Ny CR Ambohimirary |
| 8h 30h- 9h | Fanokafana amin'ny fomba ofisialy | Ben'ny tanana |
| 9h-10h- 10h 15 | Loh 1:Ny fifanarahan'ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana<br>Mijery CD<br>Quiz | Victor /Rivo |
| 10h 15- 10h 30 | **Pause café** | |
| 10h 30 - 12h30 | Loh 2 : Hevitra fototra iompanan'ny Miralenta | Victor /Rivo |
| 12h30-14h | Sakafo | |
| 14h-16h | Loh 3 : Miralenta sy Fitondrampanjakana | Victor /Rivo |
| 16h-16h15 | Pause café | |
| 16h15- 17h | Loh 4 : Hevitra sy tetika hahatongavana amin'ny Miralenta | Victor /Rivo |
| | **Andro faharoa** | |
| 8h-10h | Loh 5: Ho mpitarila mavitrika mitondra fanovana | Victor /Rivo |
| 10h- 10h15 | **Pause café** | |
| 10h15 -12h 15 | Loh 7: Famolavolana drafitrasa hampiroborobona ny Miralenta sy drafitrasa mahomby hamongorana ny herisetra eny ifotony. | Ny rehetra |
| 12h15 – 12h 30 | Fizarana groupe :<br>G1: Famolavolana drafitrasa hampiroboroboana ny Miralenta.<br>G2 :Famolavalana drafitrasa mahomby hamongorana ny herisetra eny ifitony | Ny rehetra |
| 12h30-14h | Sakafo | |
| 14h-17h | Atrik'asa isam-baomiera | Ny rehetra |
| | **Andro fahatelo** | |
| 8h – 10h | Atrik'asa isam-baomiera (Tohiny) | Ny rehetra |
| 10h – 10h15 | **Pause café** | |
| 10h15-12h30 | Rapport ny atrik'asa isam-baomiera | Ny filohan'ny vaomiera |
| 12h30-14h | Sakafo | |
| 14h-16h | Rapport ny atrik'asa isam-baomiera | Ny filohan'ny vaomiera |
| 16h-16h15 | **Pause café** | |
| 16h15-17h | Evaluation | Ny rehetra |

**Annex B:**

**Fandaharana:**
**Firenena: MADAGASCAR**
**Toerana**
**Daty: 11-13 Oktobra 2011**
**FICHE DE PRESENCE**

| N° | Anarana & Fanampiny | SEXE | Toerana hiandreketana | Andraikitra | TEL | E mail |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | **RASOLOFOHERISON Honoré** | M | CR Ambohimirary | Maire de la commune | O328386537 | |
| 2 | **RATODISON Dieu Donné** | M | Ambohimirary | Mpamboly | | |
| 3 | **RAKOTONINDRINA Dinah** | M | Beampombo | Adjoint FKT | | |
| 4 | **RAFARARIVO ANGELINE** | F | Ambohimirary | Mpamboly | | |
| 5 | **RAMINOARISOA Adeline** | F | Maherirano | Mpamboly | | |
| 6 | **RAKOTOARISOA Marie Emilienne** | f | Ambohimirary | Mpamboly | | |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | ROBINSON Fenomampionona | M | Manakana | Mpamboly | | |
| 8 | **RAZAFIMANANTSOA Mamy Niaina** | M | Ambohimirary | DIRCEG | 0328179783 | |
| 9 | **RAZAFINDRAMORY Monique** | f | Amboh&imirary | Mpamboly | | |
| 10 | **RAVAOARISOA Françoise** | F | Ambohimirary | Mpamboly | | |
| 11 | **RASOAVELONIAINA Sophie** | f | Ambohimirary | Mpamboly | | |
| 12 | **RASAONDRAMANANA Lalatina** | f | Miadana | ASBC | | |
| 13 | **RAZANADRASOA Harilalao** | F | Ambohimirary | Mpamboly | | |
| 14 | **RASOARINIVO Josephine** | f | Ambohimirary | Mpamboly | | |
| 15 | **RAHETIMANGA** | F | Manakana | Mpamboly | | |
| 16 | **RAMIANDRISOA Christophe** | m | Ambohimirary | Mpamboly | | |
| 17 | **RAZAFINDRABAO Mara** | F | Manakana | Mpamboly | | |
| 18 | **RASOAZANAMIARINA Hélène** | F | Maherirano | Mpamboly | | |
| 19 | **RAHERIVOLOLONA Simonette** | f | Maherirano | KATEKISTE | | |
| 2O | **RAKOTOMANOELINA bRILLANT** | M | Ambohimirary | Assistant de service | | |
| 21 | **RALISINIAINA Jeanne Elisabeth** | F | Ambohimirary | Mpampianatra | | |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 22 | **RANDRIANARISOA Albert** | M | Ambohimirary | Mpamboly | | |
| 23 | **RAVAO MALALA Volatiana** | F | Manakana | Mpamboly | | |
| 24 | **RAZAFINDRAVELO Bernadette** | F | Ambohimirary | Dispensatrice | | |
| 25 | **RASOLOARIMANANA Marie Rose** | F | Ambohimirary | Mpamboly | | |
| 26 | **LOLONA Macrime** | F | Ambohimirary | Mpamboly | | |
| 27 | **ANDRIAMBOLOLONA RAVAKA** | F | AMBOHIMIRARY | MPAMBOLY | | |

**Attendance statistics per gender and percentage:**

| | | |
|---|---|---|
| **Femme** | 19 | 70% |
| **Homme** | 8 | 30% |
| **TOTAL** | **27** | **100%** |

**Annex C:**

**DRAFITR’ASA HAMPIHARINA ENY AMIN’NY KAOMININA IFOTONY MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA ATAO AMIN’NY VEHIVAVY**

*Ny sehatra izay tokony ho fenoina :*

- ***Iza*** *– sampan-draharaha iza /inona no tompon’andraikitry ny asa na hetsika?*
- ***Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana*** *– inona no iaingana,valio ireo fanontaniana?*
- ***Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra****– inona ny tanjona farany kendren’ ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany,valio ireo fanontaniana?*
- ***Rahoviana*** *– Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany?*
- ***Teti bola*** *– Hoatrinona ny tetibola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?*

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDR AIKITR A | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **DRAFITR’ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA** | | | | | | |
| Azo antoka fa ny Comune rurale dia mahafantatra ny vaovao rehetra mikasika ny miralenta. | -Fanentanana<br>-Fampielezam-baovao amin’ny alalan’ny boky peta-drindrina eny amin’ny Commune,Fokontany,indrindra fa ireo vanim-potoana manandanja. | Mpiofana Gender liks SAHA CR-FKT | Tsy mbola misy fandraisana andrikitra | 50% NY VAHOAKA | MOIS DE NOVEMBRE | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Azo antoka fa misy ny miralenta eo amin'ny Commune ary ampiharina sy ampianarina | Manao fanentanana ,manangana vaomiera ary mametraka paikady eo an'ivon'ny kaominina(budget) | mpiofana | Eo an'ivon'ny kaominina mbola o% ny vehivavy, 20% no tonga mivory-mbola tsy misy vaomiera | 50% ny vehivavy no tompon'andrikitra amin'ny rafitra isam-pokontany | Volana novambra no atomboka | |
| Azo antoka fa misy Politika mifototra amin' ny miralenta ka vaindohan draharahan 'ny kaominina no mametraka olona ho loha laharana amin'izany. | Fanomezana fiofanana an'ireo mpanolontsaina fototra momba ny miralenta mba ho azo antoka fa ireo tompon' andrakitra mahefa no ho loha laharana momba ny miralenta.<br>. | Tompon'andrikitry ny kaominina (Maire-conseiller) | Tsy mandray andraikitra<br>Noho ny tsy fisian'ny mpitarika mahomby | Lohalaharana ny vehivavy eo an'ivon'ny kaominina amin'ny fandraisan'andrikitra | Apetraka amin'ny taona vaoavao 2O12 | |
| **I. FITANTANANA** | | | | | | |
| **Representation** | | | | | | |
| Azo antoka fa hitombo ny isan'ny vehivavy ho mpanolontsaina ao amin'ny kaominina alohan'ny 2O15 | -MIROTSAKA HO CANDIDATE<br>-Manentana olona hanohana azy ireo | Vehivavy vonona sy mpanohana miara-mientana | Tsy misy ny vehivavy mpanolontsaina ao amin'ny kaominina | 50% ny vehivavy dia mpanolontsaina | Iray volana mialoha izay fifidianana hisy . | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Fandraisana anjaran'ny vahoaka** | | | | | | |
| Azo antoka fa resy lahatra ny lehilahy ao amin'ny kaominina raha voahofana amin'ny miralenta | Manao fanofanana mahasahana ny miralenta. | Kaomitin'ny miralenta najoro | Lehilahy daholo no tompon'andrikitra amin'ny fitantanana ato amin'ny kaominina . | Hamaroana ny isan'ny vehivavy hiditra eo amin'ny fitantanana | Manomboka izao . | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| **II. LAMIN'ASA** | | | | | | |
| Azo antoka fa izay tetikasa rehetra izay volavolain'ny kaominina dia hakana ny hevitry ny vehivavy avokoa | Manangana vaomiera misahana ny tetikasa | Mpitondra isan-jokajiny, chef de Fokontany, Maire,conseillers | Vitsy ny vehivavy mandray anjara amin'ny fandrafetana tetikasa | Fanamaroana ny vehivavy amin'ny famolavolana tetikasa | Atomboka amin'ny taona 2O12. | |
| **III. NY MIRALENTA EO AMIN'NY LAMIN'ASA EFA MISY** | | | | | | |
| **Vonjy taitra** | | | | | | |
| **Toe karena sy famoronana asa** | | | | | | |
| Azo antoka fa hitovy ny salan'isan'ny vavy sy lahy mahazo asa | Manaraka fiofanana ara-kasa Mampahafantatra ny vehivavy amin'ny fiharian-karena (asa-tanana,fambolena,fiompiana) | Ny kaominina;ny samy vehivavy, ONG | Vitsy ny vehivavy manana anton'asa,betsaka ireo tsy mandray ravin-dena. | Mira ny isan'ny vavy sy lahy manana anton'asa. | Miantomboka amin'ny 2O12 | |
| **Fanolorana sy fahazoana tolo-bidy(Soumission et contraction d'appels d'offres)** | | | | | | |
| **Famongorana ny fahantrana** | | | | | | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPONANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Azo antoka fa hihena ny fahantrana miantomboka isan-tokan-trano tantanim-behivavy . | Mangataka tetik'asa mampidi-bola amin'ny mpitondra isan-jokajiny Manatanteraka échange Manao fanentanana sy famporisihina | Mpitondra isa-jokajiny mpamantsy vola Fikambanam-behivavy nahazo fiofanana | -habadoana -tsy fahaiza-mitantana -tsy fahampiana asa Tsy fahampiana amin'ny enti-manana | Fihenan'ny fahantrana Arak'izay azo atao amin'ny 2O15 | Atomboka amin'ny 2O12 | |
| **Fanohanana ny asa fandraharahana** | | | | | | |
| **Sehatr'asa tsy manara-penitra** | | | | | | |
| **INFRASTRUCTURE** | | | | | | |
| **Toeram-ponenana** | | | | | | |
| Fahazoan'antoka ny amin'ny isian'ny vavy sy lahy mahazo toeram-ponenana sy fananan-tany .ahazoan'antoka ny amin'ny isian'ny vavy sy lahy mahazo toeram-ponenana sy fananan-tany . | -Fanaovana karapanondrom-pirenena faobe, -manentana ny olona amin'ny fisoratam-panambadiana--- -Manentana azy hanoratra izay anjara fananany . | CR FKT BIF | *Tsy mahazo izay anjara fananany tokony ho azy ny vehivavy (fandovana ,tsy fisorata-mpanambadiana ,tsy fisian'nyvola ho enti manoratra ny tany- Fahatahorana miditra birao* | *Miakatra hatrany amin'ny 60%ny vehivavy mahazo toeram-ponenana,sy fanana-tany .* | Miantomboka amin'ny 2O12 | Ny kaominina sy ny mpiara-miasa aminy . |
| **Rano sy fahadiovana ary herin'aratra** | | | | | | |
| Fahazoan'antoka fa mahazo tombony amin'ny | Manangana vaomieran'ny | CR Fkt | *TSY FAHAMPIAN'NY RANO FISOTRO* | Fitombon'ny fotodrafitrasa hatramin'ny 30% | Miantomboka amin'ny | CR |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDR AIKITR A | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| fikarakarana fototra eo amin'nysehatra andavanandro.(rano,toera m-pidiovana, WC . | fahasalamana sy fahadiovana, Manavao sy manatsara ny foto-drafitrasa efa misy . | saha | *Madio,*<br>*Tsy fananana WC sy lava-pako*<br>*Fisian'ny lobolobo.* | | taona 2O12 | |
| **TONTOLO IAINANA MANARAM-PENITRA SY AZO ANTOKA** | | | | | | |
| Fahazoan'antoka amin'ny fampandraisana andraikitra ireo vehivavy ami'ireo tetik'asa fiarovana amin'ny tontolo iainana<br>Firotsahan'ireo vehivavy amin'ny asa fandraharana mifototra amin'ny tontolo iainana | Manangana vaomieran'ny tontolo iainana manentana sy miray hina<br>Mametraka dina sy mampihantra izany | CR<br>FKT<br>Fikambanana samy hafa<br>Fiangonana<br>Vehivavy tanora | Tsy fahazarana mandray andraikitra<br>Hakamoana<br>-t fisy mahay miray hina | Miakatra ny tahan'ny vehivavy miaro ny tontolo iainana<br>-fihenan'ny doro tanety / | Miantomboka ny taona 2O12 | |
| **NY MIRALENTA SY NY VIH/ SIDA** | | | | | | |
| **Fisorohana** | | | | | | |
| Azo antoka fa voafaritra mazava tsara ny fihanaky ny VIH/SIDA eo amin'ny vehivavy sy ny lehilahy eo anivon'ny kaominina. | Fanangonana tahirin-kevitra manavaka tsara ny vehivavy sy ny lehilahy mikasika ny aretina VIH/SIDA eo anivon'ny kaominina; fanomezan-danja ny miralenta ao amin'ny fandaharanasam-pirenena, na | Commune<br><br>Fiangonana<br>ONG<br>sekoly | *Tsy fahafantarana ny antontan'isa momba ny VIH/SIDA eo amin'ny kaominina* | Fahalalana ny mety ho fihanaky ny VIH/SIDA manerana ny kaominina | Tohizana ny efa misy iarahana amin'ireo ONG | CR |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | fandaharanasam-paritra ary ny ny fandaharan'asa ifotony mikasika ny VIH/SIDA | | | | | |
| | Fampiroboroboana ny fampiasana fimailom-behivavy | ONG<br>CR | *Tsy fasahian'ny olona miaro tena amin'ny fampiasana fitaona misy* | Voasoroka ny mety ho fihanaky ny tsimokaretina | | |
| **Fitsaboana** | | | | | | |
| **FAHASALAMANA** | | | | | | |
| Fahazoan'antoka eo amin'ny fiatrehana ny olana ara-pahasalamana ateraky ny toerana misy ny zaza amam-behivavy izay maro an'isa sady fadiranovana ary mora andairan'ny aretina noho ny sakafo tsy zarizary | Mampihatra ny fandaharan'asa momba ny fiahiana ara- tsakafo | SEECALINE<br>Fikambanambehivavy<br>CR<br>Tompon'andrikitry ny fahasalamana | *Tsy fahampian-tsakafo ara-pahasalamana* | *Fihenan'ny taham-pahafatesan'ny zaza sy ny vehivavy* | Atomboka ny taona 2O12 | CR |
| **Fanatan-jahatena -Fivoarana ara-piharahamonina (ara tsosialy)** | | | | | | |
| Azo antoka ny amin'ny fisian'ny fitoviana eo amin'ny fahafahan'ny vehivavy sy ny lehilahy mampiasa ny fotodrafitr'asa ho an'ny fanatajahan-tena ; | Manangana fotodrafitrasa vaovao , kianja basket ball. filalaovana | CR<br>ONG | *Tsy fisian'ny toeram-pilalaovana*<br>*Azon'ny lahy ,vavy miaraka* | Fananana kianja iarahan'ny lahy sy ny vavy miara milalao | Amin'ny tapaky ny taona vaovao ho avy | CR |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **IV. FIFANTENANA SY FANDRAISANA MPIASA ARY FAMPIASANA AZY IREO** | | | | | | |
| Fampitomboana ny isan'ny vehivavy ampiasaina ao amin'ny CR | Fanaovana ny miralenta ho laharam-pahamehana ao amin'ny drafitra momba ny asa tokony ho vita. | CR | Vitsy an'isa ny vehivavy miasa ao amin'ny CR | Mitombo isa ny vehivavy miasa eto amin'ny CR | 2012 miralenta ny mpiasan'ny CR | |
| **Fifantenana sy fandraisana mpiasa** | | | | | | |
| **Fisondrotana amin'ny asa sy fanamafisana ny fahaiza-manao** | | | | | | |
| **Tontolon'ny asa** | | | | | | |
| **V. RAFI- PITANTANANA NY MIRALENTA** | | | | | | |
| **Rafitry ny miralenta** | | | | | | |
| Fahazoan'antoka amin'ny fametrahana ny rafitry ny miralenta . | Miainga eo amin'ny fokontany Mametraka fifanarahana hampidirana ny vehivavy ho tompon'andraikitra. | Ny CR Komitin' ny miralenta | Vitsy ny vehivavy tompon'andraikitra | Mampitombo ny vehivavy handray andraikitra | 2O12 | CR |
| | . | | | | | |
| **Tetibola, fanaraha-maso sy tombana** | | | | | | |
| Azo antoka ny amin'ny hanokanana tetibola ho an'ny miralenta. | Mandresy lahatra ireo filankevitra ny CR hanokana teti-bola | CR Mpamat sy vola ONG | Tsy fisian'ny tetibola ao amin'ny kaominina | Afaka manokana ampaham-bola ho an'ny miralenta | Miantomboka 2O12 | CR |
| **Fanamafisana ny fahaiza-manao** | | | | | | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Azo antoka ny momba ny resaka miralenta sy famongorana ny fiheverana fa ny miralenta dia 'resa-behivavy' (na mikasika ny vehivavy irey ihany) | Manao tetiarana amin'ny fampahalalana ny miralenta | Ny Kaominina | Tsy fahafantaran'ny olona Ny miranenta | 100% ny fahafantaran'ny olona rehetra ny miralenta | Decembre 2O11 | Ny cr |
| | manomana boky kely, dokam-barotra,posters, logo sns. | Nkomitin'ny Miralenta | Tsy fahampian'ny serasera | | Decembre 2O11 | KOMITY |
| | mandray anjara amin'ny hetsika mba hampisongadinana ny miralenta oh: Andro ny vehivavy,fetin'ny Ray, ny hetsika andro iadiana aminy herisetra. Na Sixteen Days campaign. | Ny vehivavy rehetra miaraka amin'ny komity | Tsy fahaizana miara mientana | Afaka amin'ny hevitra raikitapisaka tsikelikely | Décembre 2O11 | CR |
| **TETIKASA FILAMATRA/LOHANY – HO FAMONGARANA NY HERISETRA ATAO AMINY VEHIVAVY** | | | | | | |
| **Fanohanana sy fanampiana** | | | | | | |
| Fahazoan'antoka fa hametraka drafitrasa ho fanohanana ireo vehivavy iharan'ny herisetra | Mamolavola tetik'asa | CR | Fanilikiliana ireo vehivavy iharan'ny herisetra | Mampihena ireo herisetra amin'ny endriny rehetra na mivantana na ankolaka | 2O12 | CR |
| **HETSIKA FANENTANANA** | | | | | | |
| **Azo antoka fa voaentana ,voataiza ireo vehivavy mba tsy hiverenan'ny herisetra (arapomba fiteny,** | Mametraka tetiandro hanaovana ny fanentanana sy fitaizana | Komitin'ny miralenta CR | Tahotra sy tsy fahasahiana hanambara ny herisetra mahazo na mihantra aminy | Fampihenana ny herisetra | Amin'ny 16 days | CR |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **fitafy, fihetsika)** | | | | | | |
| ***Momba ny vola omena hiasana*** | | | | | | |
| ***Fanaraha-maso sy tombana*** | | | | | | |
| **Fiarovana** | | | | | | |
| ***Hetsika** fanentanana mba hahatonga saina ny olona* | | | | | | |
| Azo antoka fa ny mponina dia<br>Hiezaka amin'ny famongorana ny herisetra ary hanao vaindohandraharaha izany<br>. | miara.miasa amin'ireo ONG sy vondron'olona ifotony (VOI), atao mandavan-taona ny asa fanentanana fa tsy 16 andro araka ny ao amin'ny fifanarahana fotsiny | Ong<br>Cr | Firongatry ny herisetra | Mihena hatramin'ny 50% ny herisetra amin'ny 2O15 | Mandavantaona | |
| | Mikarakarà hetsika fanentanana misy fanohanan-kevitra mazava ho fanamelohana ny Herisetra. Ary izany dia tsy mandritra ny Hetsika 16 andro fotsiny fa mandritra ny 365 andro izany hoe mandavan-taona | Komitin' ny miralenta | Tsy fahaiza-miaina ka manao tsinontsinona ireo vehivavy | Fongana tsikelikely ny herisentra maazo ny vehivavy | Mandavan-taona | |
| ***Ireo fanao tsara mampahomby indrindra*** | | | | | | |
| Fahazoan'antoka fa ho fantatry ny vahoaka ireo fanao tsara sy mahomby | Manentana amin'ny alalan'ny hetsika iarahan'ny daholobe | CR<br>FKT<br>Komity | Firongatry ny herisetra ao amin'ny Fokontany sy kaominina | Nihena 30% ka hatramin'ny 50% ny herisetraeo amin'ny | Tapaky ny taona 2O12 | CR |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDR AIKITR A | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| amin'ny ady amin'ny herisetra | Manamafy ireo dina efa misy<br>Mampilalao ireo tanora lahy sy vavy eo amin'ny sehatra fanatanjahan-tena sy kolontsina | miralent a | | kaominina | | |
| **Setriny** | | | | | | |

**TOVANA D : TOMBAN'NY ATRIK'ASA**

**TOMBANA**

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | ☐ Lahy 8 ☐ Vavy 21 | | | | | |
| **Firenena** | Madagasikara | | | | | |
| **Tanàna** | CR Ambohimirary | | | | | |
| **Taona** | ☐12 - 17 | ☐18 -30 9 | ☐31- 40 7 | ☐41 – 50 10 | ☐51 – 60 1 | ☐60 + 2 |
| **Fianarana** | ☐Ambaratonga voalohany 8 | ☐Ambaratonga faharoa 16 | ☐Oniversite 3 | ☐Fianarana arak'asa 2 | ☐Fanabeazana olon-dehibe | |

**Tombana :**

| | **Tena tsara** | **Tsara** | **Eo ho eo** | **Ratsy** | **Tena ratsy** |
|---|---|---|---|---|---|
| **1. Fijotrin'ny fandaharana** | **11** | **14** | **4** | | |
| **2. Momba ny fandaharana** | **8** | **21** | | | |
| **3. Tahirin-kevitra** | **12** | **14** | **3** | | |
| **4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana** | **14** | **12** | **3** | | |
| **5. Asa isam-baomiera** | **8** | **13** | **8** | | |
| **6. Vokan-tsoa** | **10** | **10** | **9** | | |
| **7. Vokan-tsoa teo amin'ny fizotrin'ny fandaharana** | **6** | **13** | **10** | | |
| **8. Tombon-tsoa eo amin'ny fandraisana fahalalana** | **10** | **10** | **9** | | |
| **9. Tombon-tsoa eo amin'ny fivelarana** | **9** | **14** | **6** | | |
| **10. Momba ny toerana, sakafo…** | **6** | **8** | **12** | **2** | **1** |

**Fanamarihana**

1. **Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao ? Antony?**

-Ny fandaharana rehetra dia nahaliana avokoa.
-Ilay nanao fandravonana satria eo vao tena miady hevitra be.
-Ny rehetra satria nampivoatra amin'ny tsaratsara kokoa
-Hitako fa mahasoa ahy sy ny vehivavy namako ny fiofanana
-Teo amin'ny asa isam-baomiera no tena tsara satria tena afaka nannome ny heviny ny tsirairay.
-Ny lohahevitra 6 voalohany no nahaliana ahy satria nitondra tombotsoa be ny fahalalana ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra.

2. **Inona tamin'ny fandaharana no tena tsy nisy ny nilanao azy ? Antony?**

-Tsy misy

3. **Ahoana ny fomba fampiharanao ireo fahalalana noratovonao teto amin'y fihofanana?**

-Filazana ny mpiara-monina ny fizotry ny fiofanana
-Amin'ny alalan'ny fandresen-dahatra ny tsirairay sy ny vondron'olona ifotony ary ny fanatanterahana azy. Ary hitarika ny olona tsikelikely.
-Firesahana amin'ny vadiko.
-Entiko eo amin'ny Fokontany sy ny tokantrano aloha izay vao ampitaina eo amin'ny kaominina.

**Fanamarihana hafa ?**

-Mila tohizana amin'ny manaraka.
-Tsy ampy ny fotoana.
-Tokony hohatsaraina hatrany ny fampiofanana satria antoky ny fahombiazana